
## Tarehimarika farany Covid-19

# 4 namoy ny ainy, 832 ny tranga vaovao

Tarehi-marika farany momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara afak'omaly: 4 no namoy ny ainy, nahatratra 832 ny tranga vaovao. Izany hoe tato anatin'ny 2 andro izao, nahatratra 1600 mahery ny olona vaovao mitondra ny tsimokaretina corona eto amintsika. 832 ny tranga vaovao hita tamin'ireo 1907 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 15 aprily 2021 : 701 Analamanga, 11 Atsinanana, 10 Diana, 20 Alaotra Mangoro, 5 Matsiatra Ambony, 1 Boeny, 15 Sava, 19 Atsimo Andrefana, 5 Menabe, 22 Amoron'i Mania, 3 Bongolava, 4 Analanjirofo, 15 Anosy, 2 Ihorombe, 1 Itasy, 1 Sofia.



*Tarehi-marika farany momba ny coronavirus teto Madagasikara afak'omaly.*

300 sitrana : 185 Analamanga, 11 Atsinanana, 14 Diana, 24 Alaotra Mangoro, 3 Matsiatra Ambony, 15 Boeny, 9 Atsimo Andrefana, 3 Amoron'i Mania, 21 Analanjirofo, 2 Ihorombe, 5 Melaky, 5 Sofia.

4 maty noho ny aretina Covid-19: 1 Analamanga, 1 Diana, 1 Atsimo Andrefana, 1 Bongolava. Tafakatra 531 ny olona matin'ny aretina Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara tamin'ny volana martsa 2020.

5309 ireo mbola manaraka fitsaboana ankehitriny, 294 amin'ireo no misy trangana fahasarotana (forme grave).

***Niaina***

## Ady amin'ny kere

# Nanome 1,5 tapitrisa euros i Frantsa

Eo amin'ny ady amin'ny kere sy ny tsy fanjarian-tsakafo any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara, nanome vola mitentina 1,5 tapitrisa euros i Frantsa. Manatevin-daharana mamaly ny Antso Tselatra nataon'ny Firenena Mikambana hiadiana amin'ny kere ny firenena frantsay. Manohana an'i Madagasikara hiady amin'ny kere any amin'ny faritra atsimon'ny firenena i Frantsa. Noho izany, manome 1,5 tapitrisa euros ny firenena frantsay ho famaliana ny Antso Tselatra nataon'ny rafitry ny Firenena Mikambana eto Madagasikara, mba hanampiana ny mponina ao amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara tratry ny haintany sy ny tsy fanjarian-tsakafo (kere). Ity no ampahany fanampiana ara-tsakafo voalohany voalahatra ho an'ny taona 2021 ataon'i Frantsa ho an'i Madagasikara. Ny famatsiam-bola nomena ho an'ny tetikasa 4, dia hanampy olona maherin'ny 50.000 isa . Ireo tetik'asa voafantina, izay mifanaraka amin'ny teny nomena sy ny laharam-pahamehana frantsay amin'ny lafiny fanampiana ara-tsakafo, dia miparitaka amin'ny faritra tena tratran'ny loza indrindra amin'ny resaka fiarovana ara-tsakafo ary natao hanatsarana ny toe-pivelomana-ara-tsakafon'ny mponina voakasik'izany. 750 000 € ho an'ny PAM. Ao anatin'ity tetikasa vatsiam-bola ity, ny tanjon'ny PAM dia ny hisorohana ny tsy fanjariantsakafo amin'ny alàlan'ny fampitomboana ny fahazoany vehivavy bevohoka sy mampinono (vehivavy maherin'ny 1.200 no voakasik'izany), sy ny ankizy 6 ka hatramin'ny 23 volana (sahabo amin'ny 1.800 voakasik'izany) sakafo mahavelona mifanaraka, sy ny hitsabo zaza sahabo 20 000 isa 6, ka hatramin'ny 59 volana tratry ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika antonony any amin'ny kaominin'Anavoha sy Androimpano ao amin'ny distrikan'i Ampanihy, faritra Atsimo-Andrefana. 300,000 € ho an'ny Fikambanana Tsy miankina amin'ny Fanjakana GRET, matihanina momba ny fampandrosoana mifandray. Ny tetik'asa GRET, dia mifameno amin'ny tetikasan'ny PAM satria mikendry faritra samihafa ihany koa, dia mahakasika ireo kaominina roa lehibe ao amin'ny distrikan'Ambovombe, faritra Androy izay tena iharan'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika ny mponina ary zara raha mahazo ny tolotra avy amin'ny fiaraisa-monina momba ny fihinanan-kanina. Ny tanjon'ny ONG dia ny hanamafisana ny fandraisana an-tanana an'ireo ankizy tratry ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika antonony amin'ny alàlan'ny fanafahana ny anjara sakafo fanampiana, ny hanohizana ireo asa momba ny harato ara-tsosialy ho an'ny renin'ny zaza 6 ka hatramin'ny 24 volana, sy ny vehivavy bevohoka ary ny mampinono mandritra ny vanim-potoana maitso ahitra ary hanatsarana ny fomba fanao ara-tsakafo. Farany, mihevitra ny hanohana ireo asa ireo ny tetikasa amin'ny alàlan'ny fanabeazana ny mponina amin'ny fomba fihinanan-tsakafo tsara, sy fikarakarana ary fahadiovana, amin'ny alàlan'ny fanomezan-danja ny legioma sy voamadinika any an-toerana. 250,000 € ho an'ny Action Contre la Faim (ACF). Ny tanjon'ny tetik'asa Action Contre la Faim dia ny hanatsara ny fiarovana momba ny fivelomana amin'ny sakafo ho an'ireo vondrona marefo, amin'ny alàlan'ny fanatsarana ny fahazoany ny tolotra fandraisana an-tanana ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika ary amin'ny fanamafisana ny fivondronam-behivavy ho an'ny faharetana, fizakan-tena sy ny fahamaroan'ny karazana sakafo. Izy io koa dia mifameno amin'ny tetik'asa ny PAM satria miparitaka amin'ny faritra tsy voarakitr'ity tetikasa ity. Ny tanjon'ity tetik'asa ity dia ny hanohanana ny hetsika ho an'ny fiarovana ara-tsakafo amina fe-potoana antonony sy lavidavitra ezaka amin'ny alàlan'ny fampiasana fomba fanao ahafahana manamafy ny fizakan-tena sy ny faharetan'ny tokantrano ary manamafy ny fisorohana sy ny fitsaboana ny tsy fanjarian-tsakafo. Arak'izany, ity tetik'asa ity dia manolo-kevitra ny hanatsarana ny fahazoana sy ny kalitaon'ny tolotra amin'ny fandraisana an-tanana ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika antonony amin'ny alàlan'ny fametrahana paikady mandroso


*Fifanaovan-tsonia, ho fanampian'i Frantsa antsika, any amin'ny faritra Atsimo.*


ana toeram-pitsaboana azo afindra maneran'ny Faritra Atsimo ary hanamafisana amin'ny fomba maharitra ny fahafahan'ireo tokantrano marefo ahazo fahafaham-po amin'ny fivelomany, manatsara sy manamaro karazana ny fiarovana ara-tsakafony amin'ny alàlan'ny fampiroboroboana ireo vondrom-behivavy. Hitondra tombontsoa mivantana ho an'ny olona maherin'ny 11 000 izy io, ao anatin'izany 10 000 zaza latsaky ny 5 taona mijaly amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika. 200,000 € ho an'ny Humanité et Inclusion (HI). Ny tanjon'ny tetik'asan'ny ONG "Humanité et Inclusion" dia ny hanome fanampiana aratsakafo vonjy maika ho an'ireo olona manana fahasembanana sy ny ankohonany ao amin'ny faritra Atsimo-Andrefana, mba hampihenana ny loza mety hitranga ara-tsakafo mifandraika amin'ny haintany any amin'ny faritra Atsimo, sady manohana ny tolotra momba ny fahasalamana amin'ny fampihenana ny fahasembanana eo amin'ny ankizy 0 ka hatramin'ny 5 taona mijaly amin'ny tsy fanjarian-tsakafo na tsy fahampiankanina.

***Isambilo***

## FISAORANA

Ny zanany, ny zafiny, ny zafiafiny, ny Mpiray tampo aminy ary ny fianakaviana manontolo dia maneho fisaorana antsika tonga nidododo nampahery tamin'ny fahalasan'ny Reny malalanay :

**RASOAZANANIVO Hélène**



izay nodimandry ny Alatsinainy 12 Avrily 2021 teo.

Andriamanitry ny fiadanana anie hamaly izay vitanareo taminay.

## Sakafo Ny Valosoa



Nofon-kenomby endasina, na steak endasina indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy, hampiarahana amin'ny ro matsatso ananambo sy angivy koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Mahasitrana ny diabeta ny gombo

Mahasitrana ny aretina diabeta ny gombo, izay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fanaovana azy: sasana tsara ny gombo dia esorina ny andaniny 2, ka maka 4 isa ary atao anaty vera misy rano. Tsy voasana ilay gombo, alona 1 alina sy maraina dia sotroina. Atao izany mandritra ny 1 volana, ka raha mbola misy dia tohizana 10 andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambarikorano any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambarikorano any amin'ny distrikan'i Mandritsara faritra Sofia indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambarikorano, iray amin'ireo kaominina 22 any amin'ny distrian'i Mandritsara ity kaominina ity. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana ity tanàna ity, satria 356 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any, vokatra any Ambarikorano ny vary.

